



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitaviana - Tanindrazana - Fandrosoana



**REPOBLIKA FAHAEFATRA
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA**

**FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA FAHAROA
TAONA 2019**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FITANANA AN-TSORATRA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-41

FANDINIHANA SY FANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA MIKASIKA NY:

- VOLAVOLAN-DALANA LAHARANA FAHA-006/2019 TAMIN'NY 31 OKTOBRA 2019 «AUTORISANT LA RATIFICATION DE L'ACCORD DE PRET RELATIF AU FINANCEMENT PARTIEL DU PROJET DE CONSTRUCTION DU PONT SUR LE FLEUVE MANGOKY CONCLU LE 17 SEPTEMBRE 2019 ENTRE LA REPUBLIQUE DE MADAGASCAR ET LE FONDS DE L'OPEP POUR LE DEVELOPPEMENT INTERNATIONAL (OFID)»;
- VOLAVOLAN-DALANA LAHARANA FAHA-039/2018 TAMIN'NY 5 DESAMBRA 2018 «REGISSANT LES OPERATIONS DE PENSION LIVREE SUR LE MARCHE MONETAIRE».

Fivoriana faha-28
Natao ny
Alarobia 11 Desambra 2019
- Atoandro -

FOTOPOTOTRY NY FIVORIANA

Natao ny

Zoma 29 Novambra 2019

- Atoandro -

	Pejy
- Fitohizan'ny fivoriana	01
- Famakiana ny tatitra momba ny volavolan-dalàna laharana faha-006/2019	03
- Fanamarihana mikasika ny tatitra	06
- Famelabelarana ny antonantony	07
- Adihevitra ankapobeny	09
- Fandraisana fanapahan-kevitra momba voavolan-dalàna laharana faha-006/2019	12
- Famakiana ny tatitra mikasika ny volavolan-dalàna laharana faha-039/2018	13
- Fanamarihana sy fanitsiana ny tatitra	17
- Fanazavana ny antonanton'ny volavolan-dalàna	19
- Adihevitra ankapobeny	21
- Fandraisana fanapahan-kevitra momba ny volavolan-dalàna laharana faha-039/2018	24
- Fiatoan'ny fivoriana	26

FIVORIAMBE

FILOHA: Andriamatoa RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle

MPITANTSORATRA: Ramatoa MICHELLE Bavy Angélica

FOTOANA: Alarobia 11 Desambra 2019 tamin'ny 1 ora, atoandro.

FANDAHARAM-POTOANA: Fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny:

- volavolan-dalàna laharana faha-006/2019 tamin'ny 31 Oktobra 2019 «autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement partiel du projet de construction du pont sur le fleuve Mangoky conclu le 17 Septembre 2019 entre la République de Madagascar et le Fonds de l'OPEP pour le Développement International (OFID)»;
- volavolan-dalàna laharana faha-039/2018 tamin'ny 5 Desambra 2018 «régissant les opérations de pension livrée sur le marché monétaire».

- 1 -

- Fitohizan'ny fivoriana -

- Lakolosy -

Andriamatoa FILOHA

Mitohy ny asantsika, volavolan-dalàna roa no hodinihantsika eto.

Voalohany, ny volavolan-dalàna laharana faha-006/2019 tamin'ny 30 Oktobra 2019 «autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement partiel du projet de construction du pont sur le fleuve Mangoky conclu le 17 Septembre 2019 entre la République de Madagascar et le Fonds de l'OPEP pour le Développement International (OFID)». Ny faharoa, ny volavolan-dalàna laharana faha-039/2018 tamin'ny 5 Desambra 2018 «régissant les opérations de pension livrée».

Miangavy anareo «protocole» hampiditra ny solotenan'ny Minisiteran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola sy izay voakasik'izany.

Manao satroka ny Solombavambahoaka RAFIDIMANANA Narson, avy eo Andriamatoa RAHOLDINA NAIVO HERINANTSOINA.

Andriamatoa RAFIDIMANANA Narson

Misaotra anao, Andriamatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Tsetratsetra tsiaritra kely ihany, nisy olana omaly mikasika ny fahataran'ny kaomandy natao tamin'ny sakafo maivana, ka sao tokony hatomboka ny fotoana satria isika tsy hivoaka ato intsony, fa hanohy ny asa hatramin'ny farany.

Misaotra Tompoko.

Andriamatoa RAHOLDINA NAIVO HERINANTSOINA

Misaotra, Andriamatoa Filoha.

Tsotra ny zavatra tiako hambara, tsara raha atomboka avy hatrany ny momba ny “pont” Mangoky, fa efa vonona ao ny Minisitery vokasik’ity volavolan-dalàna ity.

Misaotra anao, Andriamatoa Filoha.

Andriamatoa FILOHA

Misaotra anao, Andriamatoa Solombavambahoaka hajaina.

Mikasika ny fanamarihana nataon’Andriamatoa RAFIDIMANANA Narson, efa vonona ao ny fikarakarana ny sakafo maivana, fa miankina amintsika ny fampidirana azy. Omena toromarika ny tomponandraikitra mba hikarakara izany.

Azafady, Andriamatoa RAHOLDINA NAIVO HERINANTSOINA, inona no zavatra angatahanao haroso mialoha.

Andriamatoa RAHOLDINA NAIVO HERINANTSOINA

Misaotra anao, Andriamatoa Filoha.

Raha ny fandaharam-potoanantsika, ny “assurances” no voalohany avy eo momba ny Mangoky ary farany mikasika ny “pension livrée”. Mieritreritra aho hoe, tsara raha alefa mialoha ny momba ny “pont” Mangoky ary avy eo miroso amin’ny manaraka indray.

Andriamatoa FILOHA

Heveriko fa tsy manimba zavatra loatra amin’ny fandaharam-potoanantsika izay hetahetanao izay satria efa vonona tokoa ny Minisitry misahana ny Asa vaventy sy ireo teknisiana miara-dia aminy.

Atolotra azy ireo ny arahaba amin’izao fahatongavan’izy ireo eto izao. Manantitra ihany koa ny arahaba ho anareo Solombavambahoaka namana.

Ekena ny fangatahana nataon’ny namantsika teo satria mila mandroso isika.

Ny volavolan-dalàna laharana faha-006/2019 tamin’ny 31 Oktobra 2019 «*autorisant la ratification de l’accord de prêt relatif au financement partiel du projet de construction du pont sur le fleuve Mangoky conclu le 17 Septembre 2019 entre la République de Madagascar et le Fonds de l’OPEP pour le Développement International (OFID)*». Hiroso amin’ny fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra mikasika io volavolan-dalàna io isika.

Miangavy an’Andriamatoa RAKOTOARIMANANA Tiana Maxime, Mpampakatenin’ny Vaomiera mba hiroso etỳ anoloana hamaky ny tatitra momba izany.

- Famakiana ny tatitra momba ny volavolan-dalàna laharana faha-006/2019 -

Andriamatoa RAKOTOARIMANANA Tiana Maxime

Misaotra, Andriamatoa Filoha.

Toy izao ny tatitra momba ny Asa-baomiera:

Nivory ny Alatsinainy faha-9 Desambra 2019 tamin'ny 10 ora, maraina, ny Vaomiera mitambatra niarahan'ny vaomieran'ny Fanajariana ny Tany sy ny Fitantanana ny Fananan-tany sy ny Vaomieran'ny lalàna ary ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola, nandinika ny volavolan-dalàna laharana faha-006/2019 «autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement partiel du projet de construction du pont sur le fleuve Mangoky, conclu le 17 Septembre 2019 entre la République de Madagascar et le Fonds de l'OPEP pour le Développement International (OFID)».

Andriamatoa RAHOLDINA NAIVO HERINANTSOINA, Filohan'ny Vaomieran'ny Fanajariana ny Tany sy ny Fitantanana ny Fananan-tany no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka tonga nanatrika ny fivoriana;
Vaomieran'ny Fanajariana ny Tany sy ny Fitantanana ny Fananan-tany;
Andriamatoa isany:

- 1- RAHOLDINA NAIVO HERINANTSOINA
- 2- ANDRIAMANALINARIVO R. M. Jocelyn
- 3- RAKOTOARIMANANA Tiana Maxime
- 4- ANDRIAMAMPANDRY Todisoa
- 5- RAKOTOMANJATO Rodin
- 6- EDIZARD
- 7- ANDRIAMIATRIKARIVO Tiana Pierrot
- 8- ANDRIAMBELOSOA Heriniaina
- 9- RAKOTONDRA SOA Fetra
- 10-ANDRIAMANJATO Liantsoa Bina

Vaomieran'ny Lalàna;

Andriamatoa isany:

- 1- RAHOLDINA Naivo Herinantsoina
- 2- ANDRIAMANJATO Liantsoa Bina
- 3- RAKOTOMALALA Miarintsoa A. E. M.

Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola;

Andriamatoa isany:

- 1- ANDRIAMIASASOA Doda
- 2- ANDRIAMIATRIKARIVO Pierrot
- 3- RABEKIJANA Solofo Hery
- 4- RALAMBOZAFIMBOLOLONA Fetra
- 5- RATSIMBAZAFY Alain Jean

Ireo Solombavambahoaka tsy mpikambana nanatrika ny fivoriana;
Andriamatoa isany:

- 1- RAZARA Pierre Ravolaza Fidèle
- 2- MILAVONJY Andriasy Philobert
- 3- RATSIMBAZAFY Alain

Ireo solotenan'ny Governemanta nanatrika ny fivoriana;
Ramatoa sy Andriamatoa isany:

- | | |
|------------------------------------|---------------|
| 1- RAKOTO Bebiarivola | SG/MAHTP |
| 2- RANDRIANANDRASANA Hajaniaina | DGTP/MAHTP |
| 3- RAZAFIMAHEFA Ando Nantenaina | Coordo PACFC |
| 4- RAMANANTSOA Antsiva Lahiniriako | DAJ/MAHTP |
| 5- ANDRIAMANGA Herivelo | MEF/DGT |
| 6- RAHANIRAKA Haingotiana | MEF/DDP |
| 7- RANOROZAINIRINA Nomeniavo Suzy | MEF/DDP/SIDI |
| 8- RAMANAMISATA Jean Pascal | DGpi/AR/MAHTP |
| 9- RAKOTOSON Aimé | MEF/CAB/CT |
| 10-RAMBONILAZA Herilalaina | MEF/DDP |

Rehefa avy niarahaba ny mpivory, Andriamatoa Filoha, niala tsiny noho ny fahatarana teo amin'ny fanombohan'ny fivoriana ary nanome fitenenana ny teknisiana mba hitondra fanazavana ny antonanton'ny volavolan-dalàna.

Nambaran'ny teknisiana, fa ity volavolan-dalàna ity, famatsiam-bola ampahany avy amin'ny OFID ho fanamboarana ny tetezana eo amin'ny reniranon'i Mangoky.

Marihana fa Mpamatsy vola efatra no mamatsy ny fanatanterahana ireo tetikasa ireo:

- ny 20 tapitrisa Dolara vatsian'ny BADEA;
- ny 20 tapitrisa Dolara vatsian'ny FSD;
- ny 10 tapitrisa Dolara avy amin'ny OFID;
- ny 10 tapitrisa Dolara avy amin'ny «Fonds Koweïtien pour le Développement»;
- ny 4,2 tapitrisa Dolara vatsian'ny Fanjakana Malagasy.

Ity volavolan-dalàna ity, avy amin'ny OFID izay mitentina 10 000 000 Dolara. Raha vita io tetezana io, mirefy eo amin'ny 880m eo; mirefy 7m ny sakany; misy fandehanan'ny mpandeha an-tongotra ny andaniny roa.

Amin'ny ankapobeny, hoy ny teknisiana dia 16%-n'ny famatsiam-bola no raisin'ny OFID.

Ny tanjona amin'ny fanaovana io tetezana io, mba hiampitana amin'ny reniranon'i Mangoky. Ankehitriny mantsy, Baka (sambokely) no iampitana eo kanefa rehefa amin'ny fotoam-pahavaratra, tapaka tanteraka izany.

Tanjona ihany koa ny ho fampitomboana ny harin-karena sy hahafahana mivezivezy hamoaka ny vokatra avy any amin'ny Faritra Atsimo Andrefana. Ity tetikasa ity dia ahitana fanamboarana tohadrano hanondraka ireo tanimbary manodidina ny faritra Mangoky.

Eo koa ny asa fanampiny maromaro toy ny fananganana tobin'ny Zandarimaria, fanamboarana sekoly, fananganana CSB, fanaovana lalana eo amin'ny 7km eo ho eo mivoaka sy miditra ny tetezana.

Nomarihan'ny teknisiana, fa efa nandalo teto anivon'ny Antenimierampirenena ireo famatsiam-bola hafa, fa ny avy amin'ny FSD no sisa eo andalam-pikarakarana amin'izao fotoana izao.

Mitentina 10 000 000 USD na 37 382 300 000 MGA ny famatsiam-bola, averina ao anatin'ny 20 taona ka ny 5 taona voalohany no tsy amerenana ny renivola. Ny zanabola dia 1% isantaona ary ny «commission de service», 1%-n'ny vola tsy mbola tafaverina. Ny «Agence Routière» no manatanteraka ny asa izay vinavinaina ho vita hatramin'ny 31 Janoary 2025.

Taorian'izany, niroso tamin'ny fametrahana fanontaniana sy fanamarihana ny Solombavambahoaka.

- 1- Inona amin'io fanamboarana tetezana io no sahanin'ny OFID.
- 2- Nahoana ny vaomieran'ny Asa Vaventy no sady tsy nakana hevitra (pour avis) no tsy nasaina hanapakevitra (saisie au fond) amin'izao asam-baomiera izao kanefa ny vaomieran'ny lalàna nasaina nanatrika ny fivoriana kanefa resaka fanamboarana tetezana no dinihana.
- 3- Tokony ho firenena iray ihany no mamatsy vola amin'ny tetikasa tahaka izao.

Valim-panontaniana:

- 1- Mikasika ny fanamboarana ny tetezana, nambaran'ny teknisiana, fa rehefa mandeha ny asa, 16% amin'ny famatsiam-bola no alaina ao amin'ny kitapom-bola iombonana fa tsy hoe ny OFID no manao ny tongotry ny tetezana na ny vatany.
- 2- Rehefa fankatoavana volavolan-dalàna toy izao dia fandaminana eto anivon'ny Antenimierampirenena izany ary azo ifampiresahana amin'ny tomponandraikitra izany. Marihana fa afaka manatrika asam-baomiera na tsy mpikambana ao anatin'ny vaomiera aza ny Solombavambahoaka araka ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena.
- 3- Nomarihan'ny teknisiana fa voaray ny hetahetan'ny Solombavambahoaka mikasika ny mpamatsy vola iray mamatsy vola tetikasa tahaka izao sady mora tantanina kokoa izany satria samy manana ny fepetra apetrany ireo mpamatsy vola ireo.

Rehefa izany, niroso tamin'ny fandraisana fanapahan-kevitra ny mpivory.

Taorian'izany, nankatoavin'ny vaomiera ny volavolan-dalàna laharana faha-006/2019 «autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement partiel du projet de construction du pont sur le fleuve Mangoky, conclu le 17 septembre 2019 entre la République de Madagascar et le Fonds de l'OPEP pour le Développement International (OFID)» ary hoentina eny anivon'ny fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra farany.

Nifarana tamin'ny 11 ora, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Filoha.

Andriamatoa FILOHA

Misaotra an'Andriamatoa Mpampakateny nitondra izay tatitra izay.

Hiditra amin'ny fanamarihana na fanitsiana ny tatitra vao avy novakiana teo isika. Marihako fa tsy mbola miditra amin'ny adihevitra ankapobeny isika, fa fanamarihana na fanitsiana ny tatitra no hatao.

Isika Solombavambahoaka izay handray fitenenana, aoka hanangan-tànana handraisana ny anarany.

Rehefa tsy misy manan-kambara ny Solombavambahoaka, omena an'Andriamatoa Minisitry ny fitenenana raha toa misy zavatra tiany hambara mikasika ny tatitra.

- 3 -

- Fanamarihana mikasika ny tatitra -

Andriamatoa ANDRIANAINARIVELO Hajo, Minisitry ny Asa Vaventy sy ny Fanajariana ny Tany

Misaotra sy manolotra ny arahaba ho anareo Birao Maharitra, Miarahaba anareo Solombavambahoaka rehetra tonga manatrika izao fivoriana izao.

Manolotra ny fisaorana anareo rehetra amin'ny fandraisna anay ato amin'ity Lapan'ny Antenimierampirenena ity ihany koa.

Fanamarihana kely no ataoko mikasika ny tatitra, momba ny olona nanatrika tany amin'ny asam-baomiera, tsy DR no izy fa "Agence Routière de Directeur par Interim" no filaza azy, ka afohezina hoe AR.

Lalana mivoaka sy miditra amin'ny tetezana no 7km fa tsy ny manodidina azy ary mpamatsy vola iray no tiana tenenina fa tsy Firenena iray.

Izay ihany angamba no tiana ambara amin'io tatitra io.
Misaotra, Andriamatoa Filoha.

Andriamatoa FILOHA

Misaotra anao, Andriamatoa Minisitry, tamin'izay fanamarihana izay.

Hiroso amin'ny adihevitra ankapobeny isika, ka izay Solombavambahoaka handray fitenenana, iangaviana hanangan-tànana handraisna ny anarany.

Mandray fitenenana voalohany, Ramatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore.

Ramatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore

Misaotra, Andriamatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Miarahaba an'Andriamatoa Minisitry sy ireo mpiara-dia aminy.

Teboka roa no handraisako fitenenana; na somary antsipiriany ihany aza ny fomba hilazako azy. Voalohany, raha namaky ny “exposé des motifs” aho, ny «agence routière» no «agence d’exécution» araka ny voalaza ato. Rehefa namaky ny “annexe”-n’ny lalàna indray; izany hoe ny fifanarahana no nosoniavin’ny roa tonta, ny Minisiteran’ny Fanajariana ny Tany sy ny Minisiteran’ny Asa Vaventy no lazaina fa «agence d’exécution», tsy mifanalavitra izany raha ny fiheverako azy satria ny «agence routière» dia ratsamangaikan’io Minisitera io ihany. Pitsopitsony no tena miteraka olana amin’ny lalàna toa itony, somary tsinginiko ihany ny zavatra tahaka izany.

Mikasika ny fifanarahana, amin’ny “annexe”-n’io lalàna io; izany hoe “parties intégrantes” izay fifanarahana fampindramam-bola izay. Teny Anglisy izy ity kanefa ny fampiasa eto Madagasikara amin’ny teny Malagasy sy Frantsay no anaovana azy. Misy aminay Solombavambahoaka te-handalina sy hiditra amin’ny antsipiriany saingy tsy mahafehy an’izay teny Anglisy izay, indrindra fa hifehy antsika Malagasy rehetra izy ity. Noho izany, tokony hisy dikateny Malagasy na Frantsay amin’ny fifanarahana tahak’izao rehefa holaniana eto amin’ny Antenimierampirenena.

Misaotra Tompoko.

Andriamatoa FILOHA

Misaotra anao, Ramatoa Solombavambahoaka.

Raha ny hevitra, mba ahazoantsika Solombavambahoaka ity volavolan-dalàna ity, aleo averina any amin’Andriamatoa Minisitry ny fitenenana hilazany ny antonantony.

Manao azafady, Andriamatoa Minisitry, averina aminareo ny fitenenana mba hanazavanareo misimisy kokoa ny antonanton’ity volavolan-dalàna ity mba ahazoan’ny Solombavambahoaka azy mazava tsara.

Misaotra Tompoko.

- 4-

- Famelabelarana ny antonantony -

Andriamatoa ANDRIANAINARIVELO Hajo, Minisitry ny Asa Vaventy sy ny Fanajariana ny Tany

Misaotra anao, Andriamatoa Filoha.

Andriamatoa Filoha,
Ianareo mpikambana ao amin’ny Birao Maharitra,
Ianareo Solombavambahoaka rehetra.

Raha ity volavolan-dalàna ity, araka ny tatitra nataon’ny Mpampakateny teo, momba ny findramam-bola nataontsika tamin’ny OFID na ny “Fonds de l’OPEP pour le Développement International”. Tafiditra ao anatin’ny tetikasa atao hoe “projet PACEC» na «projet CORIDOR du pont Mangoky”.

Manomboka amin'ny lalam-pirenena faha-12A ary mitohy hatrany amin'ny RN9. Mpamatsy vola maromaro no mitambatra amin'io satria tsy mahazaka izany ny mpamatsy vola tokana, ka ny BAD no mitarika sy mandrindra azy.

Hitantsika ao anatin'ny tatitra ny vola nindramina izay mitentina "60 Millions de Dollars", ka ny "20 Millions de Dollars" avy amin'ny BADEA, torak'izay koa ny FSD mitotaly "20 Millions de Dollars", "10 Millions de Dollars" ny an'ny OFID ary "10 Millions de Dollars" ihany koa ny an'ny "Fonds Koweïtien".

Mikasika ny an'ny OFID, izay mitentina "10 Millions de Dollars", efa nandalo teto amin'ny Antemierampirenena ny roa hafa, eo ampamitana ny fifanarahana miaraka amin'ny "Fonds Saoudien" ny Fanjakana amin'izao fotoana izao ka entina eto izany rehefa vita.

Mirefy 880m ity tetezana ity. Raha vita soa aman-tsara izany, heverina fa izy tetezana lava indrindra eto Madagasikara. Ankoatra ny fanamboarana, misy asa hafa hatao, toy ny varotra sy ny "collectivité"; ao ihany koa ny fotodrafitrasa ara-tsosialy sy ara-ekonomika ary manaraka ho azy ny sisa.

Mamaly ny tetikasa sy vina napetraky ny Filohampirenena no tanjona amin'ity asa ity. Izany hoe any amin'ny faritra tena mamokatra vary no natao laharam-pahamehana hatongavana amin'ny fahaleovatena ara-bary, anisan'izany iny faritra iny.

Efa vita ny lalana sy ny tetezan'i Bevoay araka ny voalazako teo, Mangoky sisa na efa vita aza ny tolo-bidy.

Ity famatsiam-bola ity no ahafahana manatanteraka hatramin'ny farany an'izany. Amin'izay fotoana izay, tsy mandeha baka intsony ny olona miainga any Toliara ho any Imanja. Atao tafiditra ao anatin'ny PACEC ity tetikasa ity, Andriamatoa Filoha.

Momba ny vola indray, 1% isan-taona no zanabola, ka 20 taona no fe-potoana handoavana azy. Isaorana azy ireo, fa nahazo ny antsoina hoe "période de grâce" 5 taona isika.

Tahak'izay, Andriamatoa Filoha, ny ambangovangon'ity volavolan-dalàna ity.

Misaotra Tompoko.

Andriamatoa FILOHA

Misaotra, Andriamatoa Minisitry, tamin'izay famelabelarana ankapobeny na amin'ny ambangovangony araka ny fomba nilazanao azy teo izay. Hita fa tena mazava tsara no tsy lava loatra ny fomba nitondranao azy teo.

Omena fitenenana isika Solombavalbahoaka, raha toa manana adihevitra tiana hatao. Averina any amin'Andriamatoa RAHOLDINA NAIVO HERINANTSOINA ny fitenenana.

- Adihevitra ankapobeny -**Andriamatoa RAHOLDINA NAIVO HERINANTSOINA**

Misaotra anao, Andriamatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Manantitra ny arahaba ho anareo avy ao amin'ny Minisitara, Andriamatoa Minisitra sy ianareo mpiara-miasa aminy.

Tsy ho lava resaka aho, Andriamatoa Filoha.

Vaomiera telo no nandinika azy ity, ampahany amin'ny vina nampanatenain'Andriamatoa Filohampirenena hampandrosoana tanteraka an'i Madagasikara izy ity. Heveriko fa famatsiam-bola mitondra fahasoavana araka ny voalazan'Andriamatoa Minisitra teo.

Anisan'ny tetezana lava sy lehibe indrindra izy ity ary hisy akony amin'ny vahoaka.

Koa manentana ny Solombavambahoaka rehetra ny tenako handany an'ity volavolan-dalàna ity satria hiteraka vokatsoa ho an'ny vahoaka tokoa izy ity.

Antenaiko fa handeha amin'ny tokony ho izy ny asa hatao sy ny fikirakirana ny vola hanaovana izany.

Misaotra Topmpokolahy.

Mankatelina Tompokovavy.

Andriamatoa FILOHA

Omena fitenenana ny Solombavambahoaka hajaina, ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa, voafidy tany Manandriana.

Andriamatoa ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa

Misaotra, Andriamatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Miarahaba an'Andriamatoa Minisitra sy ny teknisiana miaraka aminy, tonga eto amin'ny Lapan'ny Antenimierampirenena.

Fampahatsiahivana kely no ataoko eto amboalohany. Tokony haverina eny amin'ny toerany amin'izay ny Mpampakatenin'ny Vaomiera.

Manarak'izany, fandraisam-pitenenana no atao; iaraha-mahalala fa misy ny ezaka eto amin'ny Firenena matoa mahita mpiara-miombon'antoka ahazoana famatsiam-bola toy izao ny fitondram-panjakana. Miarahaba manoka, an'Andriamatoa Minisitra sy ny fitondram-panjakana mahefa nahita izao famatsiam-bola izao.

Heveriko fa tsy tokony ho lava resaka intsony isika Solombavambahoaka satria mahatsara ny Firenena izy ity.

Koa manainga antsika hifidy an'ity volavolan-dalàna ity. Andriamatoa Filoha, “ratification” no ataontsika eto, noho izany aleo atao ny tsangan-tànana, ahafahantsika miditra amin'ny zavatra manaraka indray.

Misaotra, Andriamatoa Filoha.

Andriamatoa FILOHA

Isaorana ianao, Andriamatoa Solombavambahoaka, nampahatsiahy an'izay satria araka ny voalazan'ny andininy faha-158 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena, raha “ratification” no mandalo eto amintsika, tsy afaka manova ny andininy voalaza ao isika fa na mankatoa na mitsipaka na manemotra ny fandinihana ny volavolan-dalàna.

Zava-dehibe izay voalazan'Andriamatoa ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa teo izay, koa heveriko fa tomponandraikitra eto amin'ny Firenena avokoa isika rehetra satria samy mangetaheta fandrosoana.

Isaorana ihany koa ianao Andriamatoa Mpampakateny tamin'ny tatitra nataonao teo. Inoako fa mazava amin'ny Solombavambahoaka tsirairay avy izany matoa tsy nisy fanakianana sy fanitsiana; koa omen-dalana ianao hamonjy ny toeranao.

Raha tsy misy manan-kambara intsony, tsara raha miroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra avy hatrany isika.

Mbola misy hiteny ve, omena ny Solombavambahoaka voafidy tao Belo sur Tsiribihina ny fitenenana.

Andriamatoa RABEMANANTSOA Herilala Jeannot

Misaotra anao, Andriamatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Faly miarahaba anareo mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra,
Miarahaba ihany koa antsika Solombavambahoaka rehetra tonga manatrika izao fivoriana izao,
Miaraha an'Andriamatoa Minisitry sy ny teknisiana miara-dia aminy.

Efa hita maso ny ezaka goavana nataonareo, Andriamatoa Minisitry, noho izany vonona ny tenako handany an'ity volavolan-dalàna ity; na izany mangataka aho ny hitohizan'izany any amin'ny faritr'i Belo sur Tsiribihina amin'ny taona 2020 na 2021 ho avy izao satria anisan'ny faritra lemaka sy lonaka ary mamokatra vary any aminay.

Misaotra Tompoko.

Andriamatoa FILOHA

Misaotra anao, Andriamatoa Solombavambahoaka.

Miangavy anareo manana fitaovana toy ny fakan-tsary na “camera” tsy haka sary ny Solombavambahoaka rehefa manao tohan'aina ato am-pivoriana, fa miteraka resabe any ambadika any izany.

Mbola misy Solombavambahoaka handray fitenenana ve. Omena fitenenana ny Solombavambahoaka voafidy tany amin'ny Distrikan'i Mandoto.

Andriamtoa RAKOTORAHALAHY Modeste

Ampahatsiahiviko fa lany tamin'ny antoko politika TIM ny tenako; na izany aza, tsy mandà ny fampandrosoana atao eto amin'ny Firenena izahay, indrindra amin'ny zava-dehibe tahaka izao. Fantatray fa nikaon-doha sy nanao ny ainy tsy ho zavatra tokoa ny Filohampirenena sy ianareo ao amin'ny Governemanta nahazoana izao famatsiana izao. Noho izany, tsy ho vato misakana amin'izany izahay, fa manohana 100% ny ezaka ataonareo mba ho tontosa antsakany sy andavany ny asa hatao.

Misaotra Tompokolahy.
Mankasitraka Tompkovavy.

Andriamatoa FILOHA

Misaotra anao, Andriamatoa Solombavambahoaka.

Manao satroka, Andriamatoa TSABOTOKAY Honoré. Omena anao ny fitenenana, Andriamatoa Solombavambahoaka.

Andriamatoa TSABOTOKAY Honoré

Misaotra anao, Andriamatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Faly miarahaba antsika Solombavambahoaka rehetra.

Mbola maro ny volavolan-dalàna holaniantsika ato ka tsy tokony handany fotoana isika, fa aleo miroso, Andriamatoa Filoha.

Andriamatoa FILOHA

Misaotra anao, Andriamatoa Solombavambahoaka.

Mbola manan-kambara, Andriamatoa IDEALSON.

Andriamatoa IDEALSON

Misaotra anao, Andriamatoa Filoha.

Miarahaba an'Andriamatoa Minisitra sy ireo mpiara-dia aminy.

Manandrify ahy ity resaka ity, koa rariny raha toa mandray fitenenana aho. Mankasitraka anareo Minisitra nanolotra ity volavolan-dalàna ity satria anisan'ny porofo mivaingana amin'ny asa ataonareo izao ary antenaina fa hipaka any amin'ny vahoaka tokoa.

Isaorana sahady isika Solombavambahoaka rehetra hifidy ity volavolan-dalàna ity noho ny fahatsapana ny soa ho an'ny vahoaka.

Misaotra Tompoko.

Andriamatoa FILOHA

Misaotra anao, Andriamatoa Solombavambahoaka.

Efa nambarako teo fa “ratification” izy ity, araka ny andininy faha-158 ao amin’ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena, tsy afaka manova ny andininy amin’io volavolan-dalàna io isika, fa na mankatoa na mitsipaka na manemotra ny fandinihana azy.

Manarak’izay, ampiharintsika ihany koa ny andininy faha-90 ao amin’ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena hoe rehefa ny maro an’isa no mankatoa dia lany ny volavolan-dalàna.

Manao satroka ny Solombavambahoaka RAHOLDINA NAIVO HERINANTSOINA; omena anao ny fitenenana.

Andriamatoa RAHOLDINA NAIVO HERINANTSOINA

Hanamafy ny teninao teo aho, Andriamatoa Filoha; mbola misy lalàna roa hodinihana rehefa avy eo ka tsara raha hajaina ihany ny fotoana.

- 6-

- Fandraisana fanapahan-kevitra momba voavolan-dalàna laharana faha-006/2019 -

Andriamatoa FILOHA

Misaotra anao, Andriamatoa Solombavambahoaka.

Hiroso amin’ny fandraisana fanapahan-kevitra amin’izay isika.

Atsangano ny tanaan’izay mandany an’ity volavolan-dalàna ity.

- Solombavambahoaka miisa 39 no nanangan-tànana -

Izay mitsipaka.

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny.

- Tsy misy -

Ambarako fa lany tsy nisy nitsipaka ny volavolan-dalàna laharana faha-006/2019 ny 31 Oktobra 2019 «autorisant la ratification de l’accord de prêt relatif au financement partiel du projet de construction du pont sur le fleuve Mangoky conclu le 17 Septembre 2019 entre la République de Madagascar et le Fonds de l’OPEP pour le Développement International (OFID)»

Misaotra antsika Solombavambahoaka rehetra nandray ny andraikitra goavana teto amin’ny Tanindrazana.

Isaorana ihany koa ianao Andriamatoa Minisitry sy ny teknisiana mpiara-dia amin'ny fitadiavana vahaolana ho fampandrosoana ny Firenena. Iarahana mahafantatra fa mampandroso an'i Madagasikara ny fanamboaran-dalana sy ny tetezana satria ahafahana mifamoivoy sy mamoka vokatry izany.

Omena an'Andriamatoa Minisitry ny fitenenana raha toa mbola misy zavatra tiany hambara.

Andriamatoa ANDRIANAINARIVELO Hajo, Minisitry ny Asa Vaventy sy ny Fanajariana ny Tany

Misaotra anao, Andriamatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Misaotra anareo Solombavambahoaka sy ny vaomiera nandinika sy nandany an'ity volavolan-dalàna ity.

Maneho ny fialan-tsiny avy amin'ny Minisitry ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola izay soloin'ny Tale Jeneralin'ny Tahirim-bolam-panjakana tena, satria nisy Filankevitry ny Minisitry iarahana amin'ny Filohampirenena atao anio, ka tsy maintsy manatrika izany izy.

Mankasitraka amin'ny fiaraha-miasa ary mampanantena anareo izahay, fa mbola hitondra famatsiam-bola hafa hampandrosoana ny firenentsika eto aminareo indray.

Misaotra Tompoko.

- Tehaka -

Andriamatoa FILOHA

Isaorana ianao, Andriamatoa Minisitry, tamin'ny fanamarihana nataonao teo. Tsara ny fifandraisana teto ka miandrindra fandrosoana amin'ny lafiny fotodrafitrasa avokoa ny Solombavambahoaka rehetra.

Noho izay fisian'ny Filankevitry ny Minisitry izay, omen-dalana ianareo hamonjy izany satria efa misy solotena sy tomponandraikitra ambony hiaraka aminay eto.

Tompokolahy sy Tompokovavy, hiditra amin'ny volavolan-dalàna laharana faha-039/2018 tamin'ny 5 Desambra 2018 «régissant les opérations de pension livrée» indray isika.

Miangavy an'Andriamatoa TSARADIA Marco, Mpampakatenin'ny Vaomiera hiroso etỳ anoloana hitondra ny tatitry ny asam-baomiera.

- 7 -

- Famakiana ny tatitra mikasika ny volavolan-dalàna laharana faha-039/2018 -

Andriamatoa TSARADIA Marco

Misaotra, Andriamatoa Filoha.

Izao manaraka izao no fivakin'ny tatitra vita tany amin'ny Asam-baomiera.

Nivory ny Talata faha-10 Desambra 2019 tamin'ny 9 ora sy 55 minitra, maraina, ny Vaomiera mitambatra niarahan'ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola sy ny Vaomieran'ny Lalàna nandinika ny volavolan-dalàna laharana faha-039/2018 tamin'ny 05 Desambra 2018 «régissant les opérations de pension livrée sur le marché monétaire».

Andriamatoa ANDRIAMIASASOA Doda, Filohan'ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka tonga nanatrika ny fivoriana, Ramatoa sy Andriamatoa isany:

- 1-ANDRIAMIASASOA Doda N.
- 2-ANDRIMIATRIKARIVO Pierrot
- 3 -ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa
- 4 -RATSIMBAZAFY Alain Jean
- 5 -TSARADIA Marco
- 6 -REMI dit DJAO Jean
- 7 -RASOAZANANERA Marie Monique
- 8 -RALAMBOZAFIMBOLOLONA R. Fetra
- 9 -RANDRIAMANAMPISOA Alfred
- 10 Jean Michel HENRI
- 10- Eléonore JOHASY
- 12 -RAKOTOMALALA Miarintsoa Andriantsitonta

Solombavambahoaka tsy mpikambana nanatrika ny fivoriana:
Andriamatoa RAVELOSON Guillaume N.

Ireo nisolotena ny Governemanta nanatrika ny fivoriana;
Ramatoa sy Andriamatoa isany:

- | | |
|-----------------------------------|-------------|
| - RANAIVOSON Seheny Augustin | SG/CSBF BFM |
| - RANAIVOZANANY Rojo | BFM |
| - RABEARILALA Herivelonjanahary | BFM |
| - RAHAJARIZAFY Stephan | BFM |
| - ANDRIANAIMALAZA Prosper | BFM |
| - RAMPARANY Tiana | MEF |
| - RANOROZAINIRINA Nomeniavo S. M. | MEF |
| - RAKOTOSON Aimé | MEF/CAB |
| - ANDRIAMANGA Herivelo | MEF/DGT |

Rehefa avy niarahaba ny mpivory, Andriamatoa Filoha, niala tsiny noho ny fahatarana teo amin'ny fanombohan'ny fivoriana ary nanome fitenenana ny teknisiana mba hitondra fanazavana mikasika ny antonanton'ny volavolan-dalàna.

Nambaran'ny teknisiana fa ity volavolan-dalàna ity dia tafiditra ao anatin'ny fanavaozana sy fanatsarana ny sehatra ara-bola eto Madagasikara.

Mizara telo ity volavolan-dalàna ity:

1. Fototra mahatonga azy ho lalàna
2. Zavatra lehibe entin'ity volavolan-dalàna ity
3. Zavatra efa natao sy ny lalana mbola haleha

Araka ny andininy faha-5 amin'ny Sata mifehy ny Banky Foiben'i Madagasikara, ny tanjona dia ny fijerena ny hahamarin-toerana anatiny sy ivelany ny volantsika.

Ny Banky Foiben'i Madagasikara, manampy ihany koa amin'ny fanohanana ny politika ekonomika ankapobeny entin'ny Governemanta.

Amin'ny fanatanterahana ireo tanjona ireo, misy andraikitra hafa ataony amin'ny mahabankin'ny banky azy. Izany hoe mampitrosa vola ny banky (banque primaire) izy rehefa tsy ampy ny volan'izy ireo. Manao «politique monétaire» koa izy ka mijery na ampy na tsia ny vola mivezivezy ary arakaraka izany no anaparahany izany.

Rehefa misy ny «opération de crédit» na mampindram-bola ny Banky Foibe dia mila antoka. Misy ny «gage» na «titre» ka ny fametrahana izany ho antoka no atao hoe «pension livrée».

Taloha, nipetraka tany amin'ny «banque primaire» ny antoka fa amin'ity lalàna ity kosa navadika ho «titre» izy io, ka izay manana izany ihany no afaka mindram-bola any amin'ny Banky Foibe. Rehefa mampindram-bola, misy ny famindram-pananana izay averina rehefa voaverina ny vola. Raha misy fifanolanana mitranga eo amin'ny andaniny sy ny ankilany dia raisin'ny Banky Foibe ny «titre» mikasika ny «traitement comptable».

Ny «Code Général des Impôts» no mametra ny «régime fiscal». Miainga amin'ny Banky Foibe ny lalàna fa ny Tahirim-bolam-panjakana sy ny mpisehatra ara-toekarena hafa dia afaka mampiasa izany koa. Ny fitambaran'ny vola nampindramin'ny Banky Foiben'i Madagasikara tamin'ny taona 2018 mitentina dia 764,3 Miliara Ariary raha toa 11 532,1 Miliara Ariary nandritry ny 10 volana voalohany tamin'ity taona ity.

Ny fifanakalozana eo amin'ny samy Banky tamin'ny taona 2018 nahatratra 5 526,0 Miliara Ariary raha toa 10 109,1 Miliara Ariary izany hatramin'ny faran'ny Oktobra 2019.

Raha tsy misy antoka, marefo ny fifandraisana ara-bola. Ho fanamafisana ny fifandraisana amin'ny Banky Foibe no anaovana ity «politique monétaire» vaovao ity.

Azo atao koa ny mifanakalo «titre» amin'ny «titre» izay mitovy lanja. Asa iandraiketan'ny Banky Foibe koa ny mamoaaka ny «titres admis». Efa nankatoavin'ny Filankevitry ny Minisitry tamin'ny taona 2018 ity Volavolan-dalàna ity, fa niandry ny fahavitan'ny fifidianana Solombavambahoaka izay vao naroso teto amin'ny Antenimierampirenena.

Ny fahalanian'ity Volavolan-dalàna ity dia manamora ny fahazoana ny VI^{ème} FEC.

Taorian'izany, niroso tamin'ny fametrahana fanontaniana ny Solombavambahoaka:

- 1- Ny fampiharana an'ity Volavolan-dalàna ity ve misy tambiny ara-bola, izany hoe hampiakatra ny zanabola any amin'ny «banque primaire» raha misy «opération» ataon'ny olon-tsootra, hisy fiantraikany any amin'ny mpanjifa tsootra ve izy ity.
- 2- Misy fomba fikajiana manokana ve ahafahan'ny Banky Foibe mamaritra ny «titres admis».

- 3- Hihatra avy hatrany ve ity Volavolan-dalàna ity rehefa lany avy atỳ amin'ny Antenimierampirenena.
- 4- Nahoana no tsy misy "référence" amin'ny "opérations de banque", misy antony manokana ve no tsy mampisy «considérant» ato anatin'ity Volavolan-dalàna ity.
- 5- Inona no azon'ny Tahirim-bolam-panjakana atao amin'ny findramam-bola amin'ny Banky Foibe.
- 6- Misy ve ny antoka eken'ny Banky Foibe, antoka manao ahoana.
- 7- Moa ve isika manana olona mahafehy ireto lalàna ireto.
- 8- Inona no mahasamihafa ny "marché financier" sy ny «marché monétaire».

Valim-panontaniana:

1. Rehefa mipetraka ity lalàna ity dia mipetraka ihany koa ny fifampitokisana. Rehefa betsaka ny vola mivezivezy dia mitarika fidinan'ny taham-bola izany. Noho izany, anisan'ny hampidina ny taha ity Volavolan-dalàna ity.
2. Mbola hisy «instructions» vitsivitsy harahina izay vao mihatra ny lalàna.
3. Misaotra ny Solombavambahoaka nametraka ireny fanontaniana sy fanamarihana isankarazany ireny, izay midika fa liana tokoa ianareo amin'ny fampandrosoana ity Tanindrazana iombonana ity. Tsapa tokoa fa fohy ny "considérant" voalaza ato amin'ny Volavolan-dalàna.
4. Ny «titre» tsara indrindra dia ny «titre»-n'ny Fanjakana.
5. Manao «réforme» foana ny Banky Foibe fa tsy manana «capacité institutionnelle». Anisan'ny fanamby ato amin'ny Banky Foibe ny hahafehy ireo lalàna ireo.
6. Samy tsena ny «marché monétaire» sy ny «marché financier». Ny «marché monétaire» dia fifanakalozana ifanaovan'ny Banky Foibe sy ireo banky tsotra. Eo no ahafahan'ny Banky Foibe mampita amin'ireo «banques primaires» ny "politique financière". Ny «marché financier» kosa dia malaladalaka kokoa, ohatra amin'izany ny «devise, change, bourse de valeur»; izany hoe mahasahana zavatra betsaka.

Nanamarika ny Solombavambahoaka, fa tsy tokony ho ny "conditionnalité"-n'ny VI^{ème} FEC no aseho rehefa mitondra Volavolan-dalàna fa tokony ho ny "politique financière" malagasy no havoitra kokoa.

Rehefa izany dia niroso tamin'ny fandinihana isan'andiny ny volavolan-dalàna ny mpivory.

- Lohatenin'ny Volavolan-dalàna: lany nasiam-panovàna. (Jereo tovana)
- Famelabelarana ny antonantony: lany tsy nasiam-panovàna sy tsy nasiam-panitsiana.
- Lohateny I:
Andininy voalohany sy faharoa: lany tsy nasiam-panovàna sy tsy nasiam-panitsiana.
- Lohateny II:
Andininy faha 3 hatramin'ny faha-11: lany tsy nasiam-panovàna sy tsy nasiam-panitsiana.
- Lohateny III:
Andininy faha-12: lany tsy nasiam-panovàna sy tsy nasiam-panitsiana.
Andininy faha-13: lany tsy nasiam-panovàna sy tsy nasiam-panitsiana.
- Lohateny V:
Andininy faha-14 hatramin'ny faha-17: lany tsy nasiam-panovàna sy tsy nasiam-panitsiana.

Nolanian'ny Vaomiera tamin'ny endriny nasiam-panovàna ny volavolan-dalàna laharana faha-039/2018 tamin'ny 5 Desambra 2018 «régissant les opérations de pension livrée sur le marché monétaire» ary hoentina eny anivon'ny Fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra farany.

Nifarana tamin'ny 11 ora sy 15 minitra, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoatoa Filoha.

- 8 -

- Fanamarihana sy fanitsiana ny tatitra -

Andriamatoa FILOHA

Misaotra an'Andriamatoa Mpampakateny nitondra izay tatitry ny asam-baomiera izay.

Hiroso amin'ny fanitsiana na fanamarihana mikasika ny tatitra isika, anterina hatrany fa tsy mbola miditra amin'ny adihevitra ankapobeny isika.

Omena fitenenana Ramatoa RASOAZANANERA Marie Monique Ernestine.

Ramatoa RASOAZANANERA Marie Monique Ernestine

Misaotra anao, Andriamatoa Filoha nanome fitenenana.

Miarahaba anareo eny amin'ny “perchoir”,

Miarahaba anareo ekipan'ny Minisiteran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola,

Misaotra manokana an'Andriamatoa TSARADIA Marco Mpampakatenin'ny vaomiera nitondra ny tatitra.

Fanamarihana kely no ataoko ao amin'ny valin-teny faha-9, mikasika ny “marché monétaire” sy ny “marché financier” satria tao ihany no nitenenana ny “taux directeur” izay tsy tokony ho ao satria manana ny anjara toerany manokana izany amin'ny “politique monétaire”.

Misaotra Tompoko.

Andriamatoa FILOHA

Omena fitenenana, Andriamatoa TSARADIA Marco.

Andriamatoa TSARADIA Marco

Marina tokoa ny voalazan-dRamatoa RASOAZANANERA Marie Monique Ernestine teo, satria tamin'ny fanazavana nataon'ny teknisiana taminay hoe fifanakalozana ifanaovan'ny Banky foibe sy “Banque primaire” ny “marché monétaire”. Ahafahan'ny Banky Foibe mampita any amin'ny “banque primaire” ny “politique monétaire”, ka tafiditra ao anatin'izany ny “taux directeur”.

Andriamatoa FILOHA

Manao satroka Ramatoa BAOFENO Micheline

Ramatoa BAOFENO Micheline

Misaotra anao, Andriamatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Miarahaba ny vahiny tonga manatrika antsika rehetra eto,
Miarahaba ihany koa antsika Solombavambahoaka rehetra.

Tokony homena anay ny “version originale” satria tsy hitanay ny “texte”, fa avy hatrany dia lany tsy nasiam-panitsiana na lany tsy nasiam-panovàna ny resaka atao.

Misaotra Tompoko.

Andriamatoa FILOHA

Tsara homarihana fa ny lalàna rehetra laniana eto anivon’ny Antenimierampirenena saiky efa voazara amintsika avokoa.

Misaotra Tompoko.

Omena ny Minisitera ny fitenenana hanomezany fanamarihana na fanitsiana momba ny tatitra natao teo.

Andriamatoa ANDRIAMANGA Herivelo, Tale Jeneralin’ny Minisiteran’ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola

Miarahaba anareo mpikambana ao amin’ny Birao Maharitra,
Miarahaba ihany koa anareo Solombavambahoaka rehetra tonga manatrika izao fivoriana izao.

Maneho ny fialan-tsiny amin’ny tsy maha eto an’Andriamatoa Minisitra sy Andriamatoa Governoran’ny Banky Foiben’i Madagasikara noho ny andraikitra hafa mbola sahanin’izy ireo, ka izahay no misolotena azy ireo.

Tsy manan-kambara izahay mikasika ny tatitra teo, fa tafiditra ao avokoa ny zavatra nodiniana tany amin’ny asam-baomiera.

Misaotra Tompoko.

Andriamatoa FILOHA

Misaotra Tompoko.

Mba ahafahantsika miroso haingana kokoa, averina any aminareo Minisitera ihany ny fitenenana hanazavanareo bebe kokoa an’ity volavolan-dalàna ity.

- Fanazavana ny antonanton'ny volavolan-dalàna -

Andriamatoa ANDRIAMANGA Herivelo, Tale Jeneralin'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola

Araka ny efa nolazaiko teo, fiaraha-miasan'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola ary ny Banky Foiben'i Madagasikara ity volavolan-dalàna ity. Andraikitra iantsorohan'ny "Banque Centrale" tanteraka no manao ity resaka "opérations de pension livrée» ity, fa mitondra ny lalàna kosa no andrikity ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola. Noho izany, omeko an'Andriamatoa Governora Lefitry Banky Foibe ny fitenenana hitondrany izany famelabelarana izany.

Andriamatoa RABEARIVONY Niaina, Governora Lefitry ny Banky Foiben'i Madagasikara
Misaotra anao, Andriamatoa Tale Jeneraly, nanome ny fitenenana.

Andriamatoa Filoha,
Ianareo mpikambana ao amin'ny Birao Maharitry ny Antenimierampirenena,
Ianareo Solombavambahoaka rehetra tonga manatrika eto.
Tompokolahy sy Tompokovavy,

Voninahitra ho ahy no misolotena an'Andriamatoa Governoran'ny Banky Foiben'i Madagasikara hitondra fanazavana fohy mikasika ity volavolan-dalàna laharana faha-039/2018 tamin'ny 5 Desambra 2018 «régissant les opérations de pension livrée» ity.

Mifehy ny fanaovana antoka taratahin-trosa sy famindrana fizakana avy hatrany "avant projet de loi régissant les opérations de pension livrée sur le marché monétaire".

Hizara roa ny fanazavana, famaritana no hatao voalohany sy ny tanjon'ny fametrahana ity fitaovana vaovao amin'ity volavolan-dalàna ity.

Rehefa izany, entina ireo tombotsoa andrasana amin'ny fampiasana izay fitaovana vaovao izay. Ireto avy ireo, raha fintinina fohy: ny andraikity ny Banky Foiben'i Madagasikara araka ny sata mifehy azy. Fitandroana ny fahamarinan-toeran'ny Ariary, ny rafitra ara-bola eto amin'ny Firenena ary fanohanana ny politika ara-toekarena ankapoben'ny fitondrana.

Ao anatin'ny fanatanterahana ireo andraikitra ireo ny Banky Foiben'i Madagasikara. Misy fotoana mampindram-bola ny Banky tsotra rehefa tsy mifanaraka amin'ny filana toekarena ny fatran'ny vola miasa sy mivezivezy eo amin'ny Firenena. Antsoina hoe "pension ordinaire" izay fampindramam-bola izay hatreto na misy antoka toy ny taratahin-trosam-panjakana na BTA, araka ny fiteny mahazatra. Tsy misy ny fifindram-pizakana izay taratahin-trosa izay. Izany hoe tsy misy "transfert de propriété".

Ity lalàna ity kosa mamindra avy hatrany ny fizakana any amin'ny mpampindram-bola etỳ ampiandohan'ny fampindramam-bola. Misy "transfert de propriété du titre remis en garanti" eto. Lalàna ihany koa no mamerina indray any amin'ny mpindram-bola izay fizakana izay rehefa mifarana ny fampindramam-bola. Mari-potra kokoa ity lalàna ity, azo antoka ary hanamora sy hanafaingana ny famahana ny olana raha tojo fahasahiranana ny mpindram-bola, ka tsy mahatafaverina ny vola.

Misy tarehimarika vitsivitsy entina anehoana ny mahazava-dehibe ny antoka amin'ireo fampindramam-bola ireo. Raha ny fampindramam-bola nataon'ny Banky Foibe ho an'ny Banky tsotra na antsoina hoe "injection de liquidité", tamin'ny taona 2018 dia nahatratra 764 Lavitrisa Ariary. Ny folo volana voalohany tamin'ny taona 2019 dia nahatratra 11 532 Lavitrisa Ariary izany.

Raha ny fampindramam-bola nataon'ny samy Banky tsotra indray na "opération interbancaire", tamin'ny taona 2018 dia nahatratra 5 526 Lavitrisa Ariary ary ny folo volana voalohany tamin'ny taona 2019 kosa nahatratra 10 109 Lavitrisa Ariary izany.

Izay no famaritana ny zava-kendren'ity fitaovana vaovao ity. Ireto kosa no tombotsoa andrasana amin'izany ary azo sokajiana ho telo izany.

Voalohany, hanampy amin'ny fanatanterahana ireo asa izay mikendry ny fahamarinan-toeran'ny Ariary. Faharoa, hanampy amin'ny fitandroana ny fahamarinan-toeran'ny rafitra ara-bola na "stabilité financière".

Fahatelo farany, fantatsika fa ny fahamarinan-toeran'ny Ariary sy ny fahamarinan-toeran'ny rafitra ara-bola dia antoka iray lehibe iankinan'ny fampandrosoana ny toekarena, izay tafiditra ao amin'ny andraikitra fototry ny Banky Foibe sy fanohanana ny politika ara-toekarena ankapoben'ny fampandrosoana izay apetraky ny fitondram-panjakana.

Tafiditra ao anatin'izay koa ny fametrahana ity "pension livrée" ity. Dingana iray tsy maintsy lalovana amin'ny fametrahana tsena ifanakalozana ara-bola ho an'ny daholobe na "marché boursier". Tohana iray lehibe izy io amin'ny fampiasam-bola izay antoka mitondra ny famokaran'ny fandrosoana ara-toekarena.

Tahaka izay, Andriamatoa Filoha, raha fintinina ny antonanton'ity volavolan-dalàna ity.

Misaotra sy mankasitraka indrindra tamin'ny fandraisana anay. Torak'izay koa ny fandinihana sy fandania ity volavolan-dalàna ity.

Manantitra ny fialan-tsiny avy amin'Andriamatoa Governora noho ny fifanandrifian'ny fotoana, ka tsy nafahany nanatrika izao fivoriana izao.

Misaotra Tompoko.

Andriamatoa FILOHA

Misaotra anareo solotenan'ny Governemanta sy ny Banky Foiben'i Madagasikara nitondra izay famelabelarana teo izay.

Hiroso amin'ny adihevitra ankapobeny isika, koa izay handray fitenenana, iangaviana hanangan-tànana handraisana ny anarany.

Manangan-tànana ny Solombavambahoaka RAFIDIMANANANA Narson, manaraka azy Ramatoa RASOAZANANERA Marie Monique Ernestine ary ny Solombavambahoaka JOHASY RAHARISOA Eléonore.

- Adihevitra ankapobeny -**Andriamatoa RAFIDIMANANANA Narson**

Misaotra anao, Andriamatoa Filoha, nanome ny fitenenana,

Misaotra anareo vahiny rehetra ihany koa.

Azafady, Tompoko, mba hazavao aminay hoe, inona marina ny antsoina hoe “pension livrée” satria betsaka aminay ireto no tena tsy mahatakatra azy. Raha ny fanazavanao teo, Andriamatoa Lefitry ny Governora, sarotra ny milaza hoe tena tafiditra soa aman-tsara ato andohanay. Sao mba misy fanazavana faran’izay tsotra fa somary misafotofoto be ihany.

Tany amin’ny asam-baomiera nisy resaka nandeha mikasika ny FEC, tena ilaina ve izy io, amiko aloha tena ilaina, na izany asio fanampim-panazavana ihany.

Misaotra Tompoko.

Ramatoa RASOAZANANERA Marie Monique Ernestine

Misaotra anao, Andriamatoa Filoha.

Araka ny voalazan’Andriamatoa RAFIDIMANANANA Narson teo, maro aminay tokoa no tsy mahalala, ka tokony hisy fanazavana tena mahitsy satria somary sahirana izahay mandray azy.

Voalaza matetika ny fiteny hoe: fahamarinan-toeran’ny Ariary kanefa betsaka ny olona tsy mahazo ny tena dikany. Mipetraka ny fanontaniana eto, inona no ifandraisan’izany amin’ny “pension livrée”. Misy marina ve ny “marché boursier” ary raha misy, efa miasa ve sa resahana fotsiny ihany.

Misaotra Tompoko.

Ramatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore

Misaotra anao, Andriamatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Faly miarahaba anareo vahiny rehetra tonga manatrika izao fivoriana izao.

Tsotra ny teniko, mamporisika anareo Solombavambahoaka ny tenako handany an’ity volavolan-dalàna ity satria mampivoatra ny “marché financier” eto amintsika. Efa misy fandrosoana tsikelikely ny “valeur mobilière”-ntsika eto Madagasikara, afaka manao fifanakalozana isika any aoriana any, fa amin’izao fotoana izao mbola “bon de trésor” aloha no azo ifanakalozana.

Mikasika ny fanontanian’ny Solombavambahoaka voafidy tany Ampanihy teo aloha, mety hampihena tsikelikely ny tahan’ny findramam-bola any amin’ny “banque primaire” no antony fametrahana ity “pension livrée” ity satria hifampatoky kokoa ny Banky rehetra ary ho maivana ny “liquidité”.

Raha bangoina tokana, hanatsara ny toekarena Malagasy ity ary afaka miditra ao ny sehatra rehetra, toy ny trano fiantohana eny fa na samy olon-tsotra eto Madagasikara aza.

Misaotra Tompoko.

Andriamatoa FILOHA

Misaotra anareo Solombavambahoaka rehetra nandray fitenenana teo.

Heverina fa zava-dehibe eto amin'ny Firenena ny fisian'ity volavolan-dalàna ity araka ny voalaza teo satria lalana mety hahatongavantsika amin'ny "obligation d'épargne" na ny "bon de trésor liquide".

Nisy fanontaniana nipetraka taminareo teknisiana teo, ka omena anareo ny fitenenana mialohan'ny hanohizan'ny Solombavambahoaka ny fandraisam-pitenenana.

Andriamatoa RABEARIVONY Niaina, Governora Lefitry ny Banky Foiben'i Madagasikara

Misaotra anao, Andriamatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Ekena ny fanamarihana nataon'ny Solombavambahoaka teo hoe somary teknika ny nanazavana ity volavolan-dalàna ity. Mbola vao taona vitsivitsy monja no nanomananay tao amin'ny Banky Foibe sy ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola ity resaka "pension livrée" ity izay vao tonga amin'izao tanjona izao.

Araka ny fangatahana teo, hanampy fanazavana tsotra aho mikasika ny "pension livrée" sy ny fifandraisany amin'ny fahamarinan-toeran'ny Ariary.

Fantatsika fa ny "banque primaire" no mpisehatra voalohany eo amin'ny fandraharahana ara-bola no sady mifandray mivantana amin'ny mpandraharaha ara-toekarena sy ny mpanjifa. Izany hoe, izy no mandray ny petra-bolatsika, mety olon-tsotra izany na orinasa. Antsoina hoe "dépôt" ka mivadika fampindramam-bola na "crédit" ho an'ny famokarana na ireo manao "investissement" te-hampihodina ny orinasany.

Izay no ahafahan'ny Banky Foibe mitandrina ny fahamarinan-toeran'ny Ariary satria raha be loatra ny vola ampindramin'ny Banky an'ireo mpanjifa dia miteraka fisondrotry ny vidim-piainana izany, miteraka tsy fahamarinan-toeran'ny Ariary na ny "inflation".

Ankoatry ny "dépôt" voalaza teo, tsy maintsy mitady loharanom-bola hafa ny Banky, ka fifampindramam-bola eo amin'ny samy Banky na koa mety any amin'ny "Banque Centrale" aza, izay no antsoina hoe "pension".

Hatreto aloha, mbola "pension ordinaire" no iantsoantsika azy. Misy antoka anefa izay, ka matetika "bon de trésor" na BTA no anaovany izany. Tsy mifindra any amin'ny Banky Foibe ny fizakana na "propriété"-n'io "bon de trésor" io.

Ahoana indray raha atao hoe “pension livrée”: rehefa azon’ny Banky tsotra ny vola nampindramin’ny Banky Foibe, lasany avy hatrany ny fizakany na “bon de trésor” raha toa nisedra olana ka tsy natafaverina ny vola. Mihatra ihany koa izay fombafomba izay na Banky samy Banky aza no mifampisambo-bola.

Inona no ifandraisany amin’ny fahamarinan-toeran’ny Ariary, hatreto noho tsy fahazahoana antoka na tsy fifampitokisana avy amin’ny tsy fisian’ny fizakana, tsy marisika loatra ny Banky samy Banky mifampindram-bola, fa aleony mindrana any amin’ny “Banque Centrale”. Heveriko fa fitaovana mahomby ity “pension livrée” ity satria afaka mifampindram-bola ny Banky samy Banky, miteraka fahamarinan-toeran’ny Ariary izay zavatra izay.

Teraka ny antsoina hoe “création monétaire” raha ny amin’ny Banky Foibe ny Banky tsotra no mindram-bola satria araka mahavola foibe azy na “monnaie centrale”, iny vola iny no avadika “crédit” any amin’ny mpanjifa. Amin’izay fotoana izay, mitombo ny vola miasa eo amin’ny toekarena ka miteraka “inflation”.

Manaraka, ao anatin’ny “marché financier” ny “marché monétaire” sy ny “marché boursier” raha faritana, tafiditra ao ihany koa ny “marché de devise” sy ny taratasim-bolam-panjakana na BTA. Ny mampiavaka ny “marché monétaire”, voafaritana manokana hoe ny Banky ihany no misehatra ao aminy, fa tsy misy orinasa hafa na olon-tsotra, anisan’izany ny faharetan’ny fampindram-bola izay tsy mihoatra herin-taona.

Mikasika ny “marché financier” dia tsy voafetra ny faharetany fa na lavitrezaka aza tsy maninona. Izany hoe, taratasin-trosa no ifanakalozana atao amin’ireo karazana “marchés” roa ireo. Efa tafiditra any amin’ny resaka “action” kosa raha toa “marché boursier” no ifanaovana, ka orinasa samy orinasa no mampiasa azy.

Tsindriako hatrany, araka ny voalazan’ny Solombavambahoaka teo, fa lalana iray hizerantsika mankany amin’ny “marché boursier” ity “pension livrée” ity. Fanomezana fahafahana ho an’ny orinasantsika mba hahazo vola ankoatry ny mahazatra hoe tsy maintsy any amin’ny Banky satria fantatsika tsara ny tahan’ny fampindramam-bola na “taux d’intérêt” izay tena midangana tokoa. Mpanelanelana ny mpindram-bola amin’ny Banky ny fisian’ny “dépôt” ka rehefa foana izany, ity “marché boursier” ity no mampihaona mivantana ny orinasa mitady vola sy ny olona afaka mametraka vola. Amin’izay fotoana izay, tsy ho lafo intsony ny tahan’ny fampindramam-bola. Izay no tanjona tiana hotratrarina, fa mbola mandeha tsikelikely aloha hatreto, na izany tsy maintsy atao ny ezaka.

Misaotra Tompoko.

Andriamatoa FILOHA

Misaotra tamin’ny fanazavana nisinisy nataonao teo, RABEARIVONY Niaina, Governora Lefitry ny Banky Foiben’i Madagasikara.

Heveriko fa nazava tsara tamin’ny Solombavambahoaka sy nampitombo ny fahalalana ara-teknika amin’ny fikirakirana vola izay.

Omena fitenenana ny Solombavambahoaka ANDRIANAMBININA Djohary Lee, avy eo Andriamatoa RANDRIANASOLO Jean Nicolas.

Andriamatoa ANDRIANAMBININA Djohary Lee

Misaotra anao, Andriamatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Miarahaba anareo vahiny manatrika eto.

Tsy misy afaka manao an'io "pension livrée" io afa-tsy ny Banky ihany ve. Raha eny ny valiny, "marché monétaire" ihany izany izy ity, fa tsy "marché financier", sa ahoana.

Andriamatoa RANDRIANASOLO Jean Nicolas

Misaotra anao, Andriamatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Tsy ho lava resaka aho, mangataka antsika Solombavambahoaka rehetra handany an'ity volavolan-dalàna ity.

Misaotra Tompoko.

Andriamatoa FILOHA

Mbola misy Solombavambahoaka handray fitenenana ve. Rehefa tsy misy intsony, omena an'Andriamatoa Governora Lefitry ny Banky Foiben'i Madagasikara ny fitenenana hamaliany ny fanontaniana napetraky ny Solombavambahoaka ANDRIANAMBININA Djohary Lee teo.

Andriamatoa RABEARIVONY Niaina, Governora Lefitry ny Banky Foiben'i Madagasikara

Misaotra anao, Andriamatoa Filoha.

Raha ny lalàna natolotra antsika teo, any aoriana any, hanokatra ny fahazoan'ny orinasa tsy ao anaty Banky ity lalàna ity. Ohatra, ny trano fiantohana na orinasa tsotra, tahaka izay koa ny olon-tsotra amin'ity "pension livrée" ity. Efa nosokafan'ny lalàna izany ka nahatonga azy natao hoe "marché financier", fa tsy "marché monétaire" mba tsy hanovàna azy any aoriana any.

Misaotra Tompoko.

- 11 -

- Fandraisana fanapahan-kevitra momba ny volavolan-dalàna laharana faha-039/2018 -

Andriamatoa FILOHA

Tsy naverina teny amin'ny toerany Andriamatoa Mpampakateny satria teknisiana sy manam-pahaizana momba ny "finances" izy. Ankehitriny, afaka mamonjy ny toeranao ianao fa afapo ny Solombavambahoaka.

Rehefa tsy misy manan-kambara intsony, hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ity volavolan-dalàna laharana faha-039/2018 tamin'ny 5 Desambra 2018 «régissant les opérations de pension livrée» ity isika.

Marihana fa ahitana lohateny miisa 5 ity volavolan-dalàna ity ary andininy miisa 17.

Nasian'ny vaomiera fanovàna toy izao ny lohateny, «projet de loi n°039/2018 du 5 Décembre 2018 régissant les opérations de pension livrée sur le marché financier»

Iza no manan-kambara mikasika an'io fanovàna nataon'ny vaomiera io.

- Tsy misy -

Atsangano ny tànan'izay manaiky ny fanapahan-kevitra ny vaomiera.

- Solombavambahoaka miisa 36 no nanangan-tànana -

Izay mitsipaka.

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny.

- Tsy misy -

Ambarako fa lany ny lohateny nasian'ny vaomiera fanovàna.

Hiditra amin'ny fijerena ny andininy voalohany ka hatramin'ny andininy faha-17 isika.

Marihina fa tsy nasian'ny vaomiera fanovàna mihitsy ny andininy rehetra.

Iza no manan-kambara mikasika ny fanapahan-kevitra ny vaomiera.

- Tsy misy -

Atsangano ny tànan'izay manaiky ny fanapahan-kevitra ny vaomiera, tsy nasiam-panovàna.

- Solombavambahoaka miisa 37 no nanangan-tànana -

Izay mitsipaka.

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny.

- Tsy misy -

Ambarakao fa lany ny andininy voalohany ka hatramin'ny faha-17, tsy nasian'ny vaomiera fanovàna.

Hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra ankapobeny mikasika ity volavolan-dalàna laharana faha-039/2018 tamin'ny 5 Desambra 2018 «régissant les opérations de pension livrée» ity isika.

Atsangano ny tanaan'izay mandany an'ity volavolan-dalàna ity.

- Solombavambahoaka miisa 39 no nanangan-tànana -

Izay mitsipaka.

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny.

- Tsy misy -

Ambarako fa lany tsy nisy nitsipaka ny volavolan-dalàna laharana faha-039/2018 tamin'ny 5 Desambra 2018 «régissant les opérations de pension livrée»

Taorian'ny fandaniana izay volavolan-dalàna laharana faha-039/2018 tamin'ny 5 Desambra 2018 «régissant les opérations de pension livrée» izay, omena ny solotenan'ny Banky Foiben'i Madagasikara sy ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola ny fitenenana raha toa mbola misy tiany hambara.

Andriamatoa ANDRIAMANGA Herivelo, Tale Jeneralin'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola

Misaotra anao, Andriamatoa Filoha, nanome fitenenana.

Amin'ny anaran'ny Banky Foiben'i Madagasikara sy ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola no anoloranay fisaorana ho anareo Solombavambahoaka rehetra nandany ity volavolan-dalàna ity.

Mankasitraka sy mankatelina anareo rehetra, Tompoko.
Hataonay tonga any amin'ny lehibe ny hafatra nataonareo teto.

Misaotra Tompoko.

- Tehaka -

- 12 -

- Fiatoan'ny fivoriana -

Andriamatoa FILOHA

Misaotra anao, Andriamatoa Tale Jeneraly, tamin'izay teny fohy feno fankasitrahana ny Solombavambahoaka nataonao teo izay.

Misaotra Tompokolahy, mankasitraka Tompokovavy.

- Lakolosy -

Niato tamin'ny 2 ora sy 35 minitra, tolak'andro, ny fivoriana.


NY FILOHA
RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle

FIZAHAN-TAKELAKA

	Pejy
- Fitohizan'ny fivoriana	01
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA	01
- Teny nataon'Andriamatoa RAFIDIMANANA Narson	01
- Teny nataon'Andriamatoa RAHOLDINA NAIVO HERINANTSOINA.....	02
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA	02
- Teny nataon'Andriamatoa RAHOLDINA NAIVO HERINANTSOINA.....	02
Teny nataon'Andriamatoa FILOHA.....	02
- Famakiana ny tatitra momba ny volavolan-dalàna laharana faha-006/2019	03
- Teny nataon'Andriamatoa RAKOTOARIMANANA Tiana Maxime.....	03
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA	06
- Fanamarihana mikasika ny tatitra.....	06
- Teny nataon'Andriamatoa ANDRIANAINARIVELO Hajo, Minisitry ny Asa Vaventy sy ny Fanajariana ny Tany.....	06
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA	06
- Teny nataon-dRamatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore.....	06
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA	07
- Famelabelarana ny antonantony	07
- Teny nataon'Andriamatoa ANDRIANAINARIVELO Hajo, Minisitry ny Asa Vaventy sy ny Fanajariana ny Tany.....	07
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA	08
- Adihevitra ankapobeny	09
- Teny nataon'Andriamatoa RAHOLDINA NAIVO HERINANTSOINA	09
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA	09
- Teny nataon'Andriamatoa ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa	09
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA	10
- Teny nataon'Andriamatoa RABEMANANTSOA Herilala Jeannot	10
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA	10
- Teny nataon'Andriamatoa RAKOTORAHALAHY Modeste	11
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA	11
- Teny nataon'Andriamatoa TSABOTOKAY Honoré	11
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA	11
- Teny nataon'Andriamatoa IDEALSON	11
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA	12
- Teny nataon'Andriamatoa RAHOLDINA NAIVO HERINANTSOINA.....	12
- Fandraisana fanapahan-kevitra momba voavolan-dalàna laharana faha-006/2019	12
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA	12
- Teny nataon'Andriamatoa ANDRIANAINARIVELO Hajo, Minisitry ny Asa Vaventy sy ny Fanajariana ny Tany.....	13
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA	13
- Famakiana ny tatitra mikasika ny volavolan-dalàna laharana faha-039/2018	13
- Teny nataon'Andriamatoa TSARADIA Marco	13
- Fanamarihana sy fanitsiana ny tatitra.....	17
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA	17
- Teny nataon-dRamatoa RASOAZANANERA Marie Monique Ernestine.....	17

- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA	17
- Teny nataon'Andriamatoa TSARADIA Marco	17
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA	17
- Teny nataon-dRamatoa BAOFENO Micheline.....	18
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA	18
- Teny nataon'Andriamatoa ANDRIAMANGA Herivelo, Tale Jeneralin'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola.....	18
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA	18
- Fanazavana ny antonanton'ny volavolan-dalàna	19
- Teny nataon'Andriamatoa ANDRIAMANGA Herivelo, Tale Jeneralin'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola	19
- Teny nataon'Andriamatoa RABEARIVONY Niaina, Governora Lefitry ny Banky Foiben'i Madagasikara	19
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA	20
- Adihevitra ankapobeny	21
- Teny nataon'Andriamatoa RAFIDIMANANANA Narson	21
- Teny nataon-dRamatoa RASOAZANANERA Marie Monique Ernestine.....	21
- Teny nataon-dRamatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore.....	21
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA	22
- Teny nataon'Andriamatoa RABEARIVONY Niaina, Governora Lefitry ny Banky Foiben'i Madagasikara	22
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA	23
- Teny nataon'Andriamatoa ANDRIANAMBININA Djohary Lee	24
- Teny nataon'Andriamatoa RANDRIANASOLO Jean Nicolas	24
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA	24
- Teny nataon'Andriamatoa RABEARIVONY Niaina, Governora Lefitry ny Banky Foiben'i Madagasikara	24
- Fandraisana fanapahan-kevitra momba ny volavolan-dalàna laharana faha-039/2018	24
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA	24
- Teny nataon'Andriamatoa ANDRIAMANGA Herivelo, Tale Jeneralin'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola.....	26
- Fiatoan'ny fivoriana	26